
# Voka-tsoa azo avy amin'ny teknika P-dipping



## Ny teknika P-dipping dia teknika novolavolain'ny tetikasa Fy-vary

**1. Manatsara ny voka-bary amin'ny tany manta tsy ampy zezika.**

| Fambolena tsotra | **P-dipping** |
|---|---|



Ny fampiasana zezika TSP 2kg dia hahazoana tombom-bary akotry manodidina ny 30~40kg

**2. Manafaingana ny fitombon'ny vary mba tsy hahatratrarany ny fotoanan'ny hatsiaka**

| Fambolena tsotra | **P-dipping** |
|---|---|
|   |  |

# Aiza ny toerana afaka hampiharana ny P-dipping?

1. Tanimbary tsy ampy zezika ary ambany ny voka-bary
2. Tanimbary tsy ampy kasinga faosifaoro
3. Toerana mangatsiaka, tara ny fanetsana sy/na ny fijinjana

**Ahoana no ahafantarana fa tsy ampy faosifaoro ny tanimbary?**

1. Vitsy ny zana-bary.
2. Miadana ny fanirin'ny vary.
3. Ambany ny vokatra azo na nahazo rano tsara sy voaava tsara ary ny vary.



# Torolalana momba ny Teknika P-dipping

Levonina ao anaty rano 5~7L ; alina iray mialohan'ny fanetsana ny TSP 2kg.




1. Arotsaka ary afangaro tsara ao anaty koveta ny fotaka avy avy ao an-tanimbary sy ny rano.
2. Arotsaka ao ary afangaro tsara amin'ny fotaka ny ranon-jezika.
3. Azo ampiana tany maina malemy avy eny ivelany, ary afangaro tsara mba hahazoana fotaka marihitra.
4. Alona ao ny ketsa mba hampiraikitra tsara ny fotaka amin'ny fakany.
5. Fanetsana: tandremana mba tsy hiendaka ny fotaka amin'ny fakam-bary*

*Tohizana ny fanetsana mandra-pahalanin'ny fotaka (Mahavita 3-4 ara eo ho eo)





Koveta mahazaka 20L => Ampiasaina daholo ny ranon-jezika :
TSP 2kg levonina ao anaty rano 5-7L










*Afaka mampiasa koveta hitaomana ny ketsa sy ny fotaka.*

**Zezika TSP ihany no azo ampiasaina amin'ny fangaro fa tsy zezika hafa!**